



Vondrona Eoropeana  
Iraka misahana ny fanaraha-maso ny fifidianana  
Madagasikara 2013



**Tatitra savaranonando**

**Naneho tamin'ny alalan'ny fiaraha-mientana feno sy tao anaty fahatoniana  
ny faniriany hivoaka ny Tetezamita ny vahoaka malagasy**

**Antananarivo, faha-27 Oktobra 2013**

---

***Famintinana***

---

- Miarahaba ny vahoaka malagasy noho ny fahavitan'ny fampielezan-kevitra sy ny fifidianana tao anatin'ny fahatoniana ny Iraka misahana ny fanaraha-maso ny fifidianana avy amin'ny Vondrona Eoropeana (MOE UE). Tsihivina fa mandala fatratra ny fanajana ny Zon'olombelona ny Iraka.
- Tsapan'ny Iraka fa, tany amin'ireo birao fandatsaham-bato notsidihiny, dia tao avokoa ireo mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato ary nanao ny asany tamin'ny fomba matihanina sy tsy ahitana fitongilanana.
- Soritan'ny Iraka ihany koa ny fahatsiarovan-tena ho olom-pirenena nasehon'ireo solontenan'ny kandida sy ny antoko politika izay nahafofy tena mba hampizotra tsara ny fifidianana.
- Nahatsapa ny Iraka fa nampiharina tamin'ny fomba mangarahara ny fepetra voatondron'ny fitsipika tamin'ny andron'ny fifidianana. Arahabain'ny Iraka ny asa notontosan'ny Vaomieram-pirenena CENI-T na eo aza ny vanim-potoana sarotra izay diavina.
- Ny fampidirana ny Tondrozotra ho anisan'ny lalàna velona eto amin'ny firenena dia fototra iray lehibe mampisy ny fanatanterahana ny fifidianana andraisan'ny rehetra anjara sy araka ny marimaritra iraisana.
- Tamin'ny vaninandro nitsaharan'ny fandrafetana ny lisi-pifidianana, dia nanambara ny Vaomieram-pirenena CENI-T fa miisa 7.823.305 ny mpifidy voasoratra anarana amin'ny lisitry ny mpifidy izay ho Filoham-pirenena sy solombavambahoaka. Na teo aza ny famerenana ny fanitsiana manontolo ny lisi-pifidianana, dia maro tamin'ny olona tokony hifidy no tsy voasoratra anarana.
- Nizotra tao anatin'ny fahatoniana ary tsy nahitana tranga mampalahelo loatra ny fampielezan-kevitra, izay nanakoako sy nitora-jofa tokoa.
- Miteraka tsy fitoviana goavana amin'ny lafiny hoenti-manana eo amin'ny samy kandida ny tsy fisian'ny fepetra momba ny famatsiam-bola sy ny famerana ny fandaniam-bola mandritra ny fampielezan-kevitra ao anatin'ny lalàna mifehy ny antoko politika.
- Nitatitra am-pahavitrihana ny zava-nitranga nandritra ny fampielezan-kevitra ny fampahalalam-baovao malagasy. Voahaja ny fahafahana maneho hevitra. Afaka nampiasa maimaimpoana sy ara-drariny, araka ny fenitra nofaritan'ny Vaomieram-pirenena CENI-T, ny haino aman-jerim-panjakana ny kandida. Ireo



Vondrona Eoropeana  
Iraka misahana ny fanaraha-maso ny fifidianana  
Madagasikara 2013



orinasan-tserasera tsy miankina kosa indray dia nanome sehatra midadasika ho an'ny dokambarotra andoavam-bola izay somary nanakona ny tena vaovao.

- Hanaraka akaiky ny famahana ny mety ho fifanolanana hisy mbamin'ny fangaraharan'ny vokam-pifidianana sy ny lalan-kizorany hatrany amin'ny fivoahan'ny vokatra tena izy ny Iraka MOE UE.

---

***Hafatrafatra mahakasika ny fifidianana solombavambahoaka sy ny mety ho fihodinana faharoa amin'ny fifidianana izay ho Filoham-pirenena***

---

- Manoro hevitra ny manam-pahefana mba hanohy ny fizarana ny kara-pifidianana, izay tsy voazara mialoha ny 25 Oktobra, ny Iraka MOE UE. Heverina anefa fa tsy fotoana mety hamerenana ny fanatsarana ny lisi-pifidianana intsony izao.
- Ampirishina ny Vaomieram-pirenena CENI-T mba handray ny fepetra mahomby hanatsarana ny fanomanana ny fifidianana any amin'ny birao fandatsaham-bato.
- Tolo-kevitra ny MOE UE ny amin'ny tokony hampitomboana ny fitaovana sy ny fahafaha-manaon'ny Fitsarana manokana momba ny fifidianana (CES).
- Ny MOE UE dia manolo-kevitra ireo mpisehatra amin'ny fanentanana mba hanitarany ny asany manerana ny Nosy, indrindra amin'ny faritra lavitra sy kizo.
- Tolo-kevitra ny MOE UE ny mba hanohizana ny fitandroana ny filaminana mandritra ny fampitana ny vokam-pifidianana sy famoahana ny voka-pifidianana isaky ny birao fandatsaham-bato ao anatin'ny fangaraharana tanteraka.

*Hatramin'ny 25 Septambra no tonga teto Madagasikara ny Iraka misahana ny fanaraha-maso ny fifidianana avy amin'ny Vondrona Eoropeana (MOE UE), taorian'ny fanasana nalefan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana ho an'ny Tetezamita (CENI-T). Mitarika izany Iraka izany ny Lehiben'ny mpanara-maso, Rtoa Maria Muñiz de Urquiza, solombavambahoaka ao amin'ny Parlemanta eoropeana. Naniraka mpanara-maso miisa 120 avy amin'ny firenena miisa 25 mpikambana ao amin'ny Vondrona Eoropeana sy Suisse ary Norvège ny MOE UE mba hanao tombana ny fandindrana ny fifidianana araka ny lalàna misy eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny fenitra iraisam-pirenena momba ny fifidianana. Miombon-kevitra amin'ny fanambaran'ny MOE UE ny delegasiona avy amin'ny Parlemanta Eoropeana, eo ambany fitarihan'Atoa Philippe Boulland. Ny andron'ny fifidianana dia biraom-pifidianana maherin'ny 530 isa any amin'ny Faritra 22 no notsidihan'ireo mpanara-maso, ka Distrika miisa 66 amin'ireo 119 no natrehan'izy ireo ny fanokafana ny biraom-pifidianana, ny fandatsaham-bato, ny fanisam-bato ary ny fanangonana ireo voka-pifidianana avy amin'ny birao samy hafa.*

*Hiankina amin'ny fomba fanatontosana ny dingana mbola miandry ary indrindra indrindra ny fampivondronana ireo voka-pifidianana sy ny fandravonana izay fifanolanana mety hisy ny fanombanana ny fikarakarana ity fifidianana ity. Hijanona eto Madagasikara ny MOE UE mba hanaramaso ny tohin'ny fanatontosana ny fifidianana.*



Vondrona Eoropeana  
Iraka misahana ny fanaraha-maso ny fifidianana  
Madagasikara 2013



*Ao anatin'ny fahaleovantena tanteraka ary manaraka ny Fanambarana mikasika ireo foto-kevitra momba ny fanaraha-maso iraisam-pirenena ho an'ny fifidianana no handrafetan'ny MOE UE ny fehinkevitra ambarany.*

*Misaotra ny manam-pahefana malagasy ny MOE UE noho ny fiaraha-miasa feno fahatsorana natolony ireo mpanara-maso ho fanatontosan'ireto farany ny iraka nampanaovina azy.*



Vondrona Eoropeana  
Iraka misahana ny fanaraha-maso ny fifidianana  
Madagasikara 2013



---

***Fehinkevitra savaranonandro***

---

**Manodidina ny tontolo politika**

Ny Tondrozotra (FdR) ho an'ny Tetezamita, vita sonia ny 17 Septambra 2011 tao Antananarivo, ary nohamafisina tamin'ny fanasoniavana ny rafitra ho fampiharana azy, no nanomboka ny lamina iray andraisan'ny rehetra anjara sady hisian'ny marimaritra iraisana. Io lamina io no nametraka ny fototra hiaingan'ny rafitra manaraka ny Lalampnanorenana hivoahana amin'ny krizy nolalovan'ny firenena efa ho dimy taona izao<sup>1</sup>.

Vokatry ny adihevitra politika nateraky ny fahasamihafan'ny paik'ady heverin'ireo nanao sonia ny tondrozotra fa hitondra ho amin'ny fampiharana azo tsapain-tànana ilay lamina, dia voatery nahemotra ny datin'ny fifidianana. Nikatso izany lamina izany vokatry ny nanekena ny filatsahan-kofidiana ho Filoham-pirenena tamin'ny volana May 2013, izay efa tany aorian'ny fotoana farany tokony ho nanaterana ny antontan-taratasy, sy ireo filatsahan-kofidiana hafa tsy mahafeno ireo fepetra voafaritra ny lalàna mifehy ny fifidianana. Telo volana taorian'ny nikatsoan'ny lamina, dia nisy ny daty vaovao navoakan'ny CENI-T sy ny Firenena Mikambana ka ny 25 Oktobra no voatondro hanaovana ny fifidianana Filoham-pirenena ary ny 20 Desambra 2013 kosa no hanatontosana ny fifidianana solombavambahoaka miaraka amin'ny fihodinana faharoa amin'ny fifidianana Filoham-pirenena. Ny 21 Aogositra 2013 no navoakan'ny Fitsarana manokana momba ny fifidianana (CES) ny lisitra raikitra ahitana kandida miisa 33 mahafeno ny fepetra takian'ny lalàna.

**Lalàna mifehy ny fifidianana**

Ny lalàna mifehy ny fifidianana Filoham-pirenena dia manolotra ny fototra ilaina, na dia marefo aza, ho an'ny fikarakarana fifidianana demokratika, mifanaraka amin'ny fepetra harahina sy sy fifanarahana isam-paritra sy iraisam-pirenena nankatoavin'i Madagasikara. Namoaka fanapahan-kevitra *sahaza* ny CENI-T, izay mazàna nampitaina am-bava, ka tsy nahafahana nampirindra ireo fitsipika rehetra manan-kery, indrindra ho an'ny famaritana ireo antontan-taratasy hahazoana mandatsa-bato na ho an'ny famaritana ireo vato tsy manan-kery.

Ny fampidirana ny Tondrozotra ho anisan'ny lalàna velona eto amin'ny firenena dia nanamafy orina ny lalàna mifehy efa nanan-kery hatrizay, sy ireo Andrimpanjakana mandrafitra ny Tetezamita.

Ny lalàna lah. 2011-014 tamin'ny 28 Desambra 2011 no nahafahana nametraka ny CENI-T, izay miandraikitra ny fitantanana, ny fanaraha-maso ny lamina ho an'ny fifidianana sy ny famoahana ireo vokatra vonjimaika. Io lalàna io ihany koa no namorona ny CES natao hiara-dia amin'ilay lamina, handray fanapahan-kevitra mikasika ireo fifanolanana mety hisy sy hanambara ny vokatra ofisialy. Araka ny voalazan'ny lalàna manan-kery, dia tokony hatao izay hiantohana ny fahaleovantenan'ireo vondrona roa ireo ara-bola sy momba ny fampandehanan-draharaha. Tara ny fametrahana ireo arofanina ireo ho an'ny CENI-T, ary tsy mbola tafapetraka kosa izany ho an'ny CES.

---

<sup>1</sup> Nahitana ny fametrahana ny Andrimpanjakana mandrafitra ny Tetezamita, ny fanendrena Praiminisitra iraisana, Governemantan'ny firaisam-pirenena, Parlemanta sy ny famoronana ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI-T).



Vondrona Eoropeana  
Iraka misahana ny fanaraha-maso ny fifidianana  
Madagasikara 2013



Mafonja ny fitambaran'ireo lalàna mifehy ny fikarakarana fifidianana, ary matetika ahitana andalana mifanipaka. Toa nisy fiantraikany tamin'ny fahatakarana ny filazalazana ireo andraikitra sy fahefana nomena ny CES sy ny CENI-T ny nandaniana vao haingana ny lalàna nananganana ny CES.

### **Fifanolanana manodidina ny fifidianana**

Ny CES no mandray ny fanapahan-kevitra maha-ara-dalàna ireo lamina mifandraika amin'ny fifidianana, sy afaka manafaoana na manitsy ny vokatra vonjimaika nambaran'ny CENI-T, ao anatin'ny 15 andro.

Fanamby lehibe ny fandraisana ny fikirakirana ireo fitarainana sy fanontaniana voarain'ny CES. Ny andro mialoha ny latsa-bato dia tsy mbola voarain'ny CES ireo fitaovana ilainy hahafahany manatontosana antsakany sy an-davany ny iraka nampanaovina azy.

Arahin'ny MOE UE akaiky hatrany ny fomba hamahana ireo fifanolanana mety hitranga, sy ny fisian'ny mangarahara sy fahafahana manaraka ireo tarehimarika momba ny latsa-bato mandritra ny fanambarana ireo vokatra ofisialy ho an'ny fihodinana voalohany.

### **Fitantanana ny fifidianana**

*Ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana ho an'ny Tetezamita (CENI-T)*

Rafitra vaovao najoro tamin'ny volana Febroary 2012<sup>2</sup> ny CENI-T. Ahitana Kaomisera miisa 22 avy amin'ny fanjakana, avy amin'ny fiaraha-monim-pirenena ary avy amin'ireo antoko politika miisa 10 nanao sonia ny Tondrozotra<sup>3</sup> ao aminy.

Vitan'ny CENI-T ny niatrika ny fanamby tamin'ny fikarakarana ity fifidianana Filoham-pirenena ity, na teo aza ireo fanemorana nisesy sy ny fahaserotana teo amin'ny fanatontosana ny iraka nomena azy.

Tian'ny MOE UE hotsindriana etoana ireo ezaka nataon'ny CENI-T, indrindra ny ezaka nataon'ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera misahana ny fifidianana any amin'ny Distrika (CED) izay nitsinjara haingana ireo fitaovana ilaina hanatontosana ny fifidianana.

Nisy ny tsy fitovian'ny fiofanana azon'ireo mpikambana tao amin'ny biraom-pifidianana samy hafa, hany ka nisy fahasamihafana ihany koa ny fampiharana ireo lamina narahana tamin'ny andron'ny latsa-bato. Na teo aza izany dia voavaha daholo ihany ireo tranga tsy nampoizina niseho mandritra ny andron'ny fifidianana.

### **Fandraisana ny anaran'ny mpifidy**

Tamin'ny andro nikatonan'ny fanoratana anarana ho ao amin'ny lisi-pifidianana, ny 9 Oktobra 2013, ary taorian'ny fanesorana ireo anarana niverina in-droa, dia nambaran'ny CENI-T fa miisa 7.823.305 ny mpifidy voasoratra anarana tamin'ny fifidianana Filoham-pirenena sy solombavambahoaka.

Tamin'ny taona 1993 no nisy fanisam-bahoaka farany, izay nahafahana namnavina fa manodidina ny 10,5 tapitrisa ny isan'ny olona feno taona ankehitriny. Na dia teo aza ny fanavaozana manontolo ny lisi-

<sup>2</sup> Ny lalàna lah. 2012-004 tamin'ny 1 Febroary 2012 mamaritra ny firafitra, fiasa ary ny andraikitra ny CENI-T.

<sup>3</sup> And. faha-22 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana.



Vondrona Eoropeana  
Iraka misahana ny fanaraha-maso ny fifidianana  
Madagasikara 2013



pifidianana, dia tsy azo tsinontsinoavina ny salan'isan'ny Malagasy tsy voasoratra tao amin'ny lisi-pifidianana. Koa satria miankina amin'ny fanàna kara-panondro ny fanoratana anarana ao amin'ny lisi-pifidianana, dia misy fiantraikany mivantana amin'ny fahabangan'ny anarana ao amin'ny lisi-pifidianana ny havitsin'ny isan'ny olona nahazo kara-panondro hatrizay.

Ankoatr'izay, tsikaritry ny MOE UE ny fisian'ny mpifidy manana kara-pifidianana saingy tsy hita anarana ao amin'ny lisi-pifidianana. Na izany aza, dia tsy mihevitra ny MOE UE fa ilaina amin'izao vanim-potoana izao ny hanavaozana indray ny lisi-pifidianana, satria tsy mifanaraka amin'ny lalàna manan-kery izany.

Nahatsikaritry ny MOE UE fa vitsy loatra ny isan'ny vehivavy sy ny tanora 18 hatramin'ny 33 taona voasoratra anarana.

*Mpifidy voasoratra anarana isaky ny biraom-pifidianana*

Na dia tsy misy andalana manokana momba izany aza ao amin'ny lalàna manan-kery, dia nandray fepetra ny CENI-T mba hamerana ny isan'ny mpifidy voasoratra anarana isaky ny biraom-pifidianana (BV). Tamin'ny andron'ny fifidianana dia nanambara ny CENI-T fa miisa 20.001 ny biraom-pifidianana misy, ary manodidina ny 400 ny salan'isan'ny mpifidy isaky ny biraom-pifidianana. Nanamarika ny MOE UE fa ny 3,2 isan-jaton'ny biraom-pifidianana no nahitana mpifidy mihoatra ny 1.000 voasoratra anarana, indrindra an-tanan-dehibe.

Tany amin'ireny BV ireny no nahitan'ny MOE UE olana mikasika ny fijerena ny anaran'ny mpifidy tao amin'ny lisi-pifidianana tamin'ny andron'ny latsa-bato, ka nitarika fahatarana be teo amin'ny fifidianana.

**Ny amin'ny fampielezan-kevitra**

*Fitsipika mifehy sy fizotran'ny fampielezan-kevitra*

Voaran'ny andininy faha-45 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny fifidianana ny fanaovan'ny manam-pahefana ara-politika fampielezan-kevitra, na ho an'ny kandidà na lisitra kandidà maromaro, raha tsy izany dia iharan'ny sazy araka ny lalàna izy ireo. Misy anefa ny didy hitsivolana miisa roa ho fampiharana ny fehezan-dalàna manohitra izany voalazan'io andininy io ihany<sup>4</sup>.

Ny 25 Septambra nanomboka tamin'ny 6 ora maraina hatramin'ny 24 Oktobra tamin'ny 6 ora maraina no fotoanan'ny fampielezan-kevitra. Tao anatin'ny fietanam-po miendrika lanonana no nizorany ary tsy nisy fihoaram-pefy. Foto-kevitra efa mahazatra no hita tamin'ny teny faneva politika, toy ny ady amin'ny fahantrana, ny tsy fandriam-pahalemana sy ny fanjakana tan-dalàna. Saika nanerana ny Nosy dia nihanafana ny fampielezan-kevitra arakaraky ny naha-antomotra ny fiafarany.

---

<sup>4</sup> Andininy faha-2 andalana faha-2 amin'ny didy hitsivolana lah. 2013-270 tamin'ny 16 Aprily 2013 sy andininy faha-2 andalana vaovao faha-2 amin'ny didy hitsivolana lah. 2013-593 tamin'ny 10 Septambra 2013.



Vondrona Eoropeana  
Iraka misahana ny fanaraha-maso ny fifidianana  
Madagasikara 2013



### ***Famatsiam-bolan'ny fampielezan-kevitra***

Voalazan'ny lalàna lah. 2011-012 mikasika ny antoko politika fa ny antoko no mamatsy vola ny hetsika ataony ary takiana ny mangarahara eo amin'ny fitantanana ireo loharanom-bolany, amin'ny alàlan'ny fanaovana tatitra isan-taona<sup>5</sup>. Tsy voalazan'ity lalàna ny amin'ny rafitra mahefa hanara-maso sy hanasazy raha misy ny fandikana izay voalazany. Noho ny tsy fisian'ny fitsipika mifehy ny famatsiam-bola sy ny famerana ny vola miditra sy mivoaka ho an'ny fampielezan-kevitra, dia nisy hatrany ny tsy fitoviana teo amin'ny hoenti-manana, midika tsy fitovian'ny herijika, eo amin'ireo mpifaninana izany. Ny tsy fahafahana manaraka ny fihavian'ny vola ampiasaina mandritra ny fifidianana ihany koa dia anisan'ny antony mamparefo ny fangaraharaha izay ilaina amin'ny fanaraha-maso ny vola nampiasaina nandritra ny fampielezan-kevitra.

### **Tontolo manodidina ny haino aman-jery**

Voahaja ny foto-kevitra momba ny fahalalahan'ny fanehoan-kevitra. Nalalaka ireo haino aman-jery malagasy tamin'ny fanaovana tatitra momba ny fampielezan-kevitra.

Ny fitsipika mifehy ny haino aman-jerim-panjakana, izay narafitry ny CENI-T, dia niantoka fa afaka nampiasa azy ireo avokoa ny kandidà rehetra, na dia nihena aza izany fahafahana mampiasa azy ireo nandritra ny tapany faharoa tamin'ny fampielezan-kevitra. Na izany aza, tsy nisy rafitra fanasaziana voaomana. Arahabain'ny MOE UE ny fandraisana fepetra nataon'ny mpanao gazety malagasy hahazoana fitaovana ahafahana mifehy tena toy ilay Fifanekena ho an'ny fampitam-baovao mandritra ny fifidianana. Maro izy ireo no nanao sonia io fifanekena io. Tsipihin'ny MOE UE anefa fa ilaina ny fandrafetana rafi-pifehezana sy sazy ho an'izay fihoaram-pefy mety hataon'izay nanao sonia ny fifanekena.

Ny haino aman-jerim-panjakana, TVM sy RNM, dia niantoka fa afaka nampiasa izany an-kalalahana sy tao anatin'ny fitoviana tanteraka ny kandidà rehetra. Teo koa ireo fandaharam-baovao izay nitatitra ampitoviana ny fampielezan-kevitra rehetra. Tontosan'ireo haino aman-jery ireo an-tsakany sy an-davany ny adidiny amin'ny fanompoana ny mponina noho ny nanarahany tsara ireo dingan'ny fanomanana ny fifidianana nandritra ny fotoanan'ny vaovao tao amin'ny fahitalavitra sy ny onjam-peo. Ankoatr'izay dia nomeny fotoana tsy nandoavam-bola ihany koa ny CENI-T ho fanentanana ny mponina sy ho fampitam-baovao momba ny fifidianana, nandritra ny ora maha-betsaka ny mpijery ny fahitalavitra sy mpihaino ny onjam-peo.

Nanao tatitra betsaka momba ny fampielezan-kevitra tamin'ny endrika maro samihafa koa ireo haino aman-jery tsy miankina. Ny fahitalavitra TV Plus no hany nanatanteraka adihevitra teo amin'ny samy kandidà izay noheverina ho tena nisongadina. Na izany aza dia nandoavam-bola ny ankamaroan'ny fampitam-baovao nataon'ny mpampahalala vaovao tsy miankina (haino aman-jery sy gazety), ka niteraka tsy fifandanjana teo amin'ny fampahalalam-baovao nahazoan'ny kandidà sasany tombony<sup>6</sup>.

---

<sup>5</sup> Tamin'ireo antoko politika na fikambanana miisa 33 nandray anjara tamin'ny fifidianana Filoham-pirenena, dia efatra no nanaraka ny voalazan'ny andininy 37, andalana 1 amin'ny ny lalàna lah. 2011-012 tamin'ny 09 Septambra 011. Ireto avy izy ireo, araka ny filahany ao amin'ny bileta tokana : AME «1», MTS « 5 », Antoko Maitso « 16 » ary ENINA « 22 ».

<sup>6</sup> Ny 7 hatramin'ny 23 Oktobra 2013, dia ireto avy ireo kandidà tena nisongadina tao amin'ny dokam-barotra nandoavam-bola tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina TV PLUS, VIVA TV ary MA-TV : Hery Rajaonarimampianina (39%), narahan'i Hajo



Vondrona Eoropeana  
Iraka misahana ny fanaraha-maso ny fifidianana  
Madagasikara 2013



Tetsy an-daniny, dia matetika ireo haino aman-jery tsy miankina no naneho fampielezan-kevitra ho vaovao tena misongadina, ka nanaovana tatitra manokana sady dokam-barotra mihitsy. Nihena vokatr'izany ny tena vaovao tokony hahaliana ny olom-pirenena.

***Fanabeazana ny olom-pirenena***

Ny andro mialoha ny fifidianana dia naharay fitarainana am-bava maro avy tamin'ny mpanao politika ny MOE UE, mikasika ny tsy fisian'ny fanentanana ny mpifidy.

Mampahatsiahy ny MOE UE fa ny antoko politika, ny fiaraha-monim-pirenena ary ny manam-pahefana misahana ny fifidianana no tompon'antoka voalohany amin'ny fanabeazana ny mponina. Sitraky ny MOE UE, noho izany, ny mampahatsiahy ny andraikitr'ireo rehetra voakasik'izany ary ny mampirisika hatrany ny fanamafisana ny ezaka natao sy ny fitaovana efa natokana ho amin'izany ho fiatrehana sahady ny fifidianana ny 20 Desambra.

***Fandraisana anjaran'ny vehivavy***

Tsikaritry ny MOE UE fa ambany ny tahan'ny vehivavy voasoratra anarana ao amin'ny lisi-pifidianana (46 isan-jaton'ireo voasoratra anarana) manerana ny Nosy, afa-tsy ny ao amin'ny Faritra Analamanga (51%). Hita nisongadina loatra izany tsy fahampian'ny tahan'ny voasoratra anarana izany tany amin'ny faritra 6 amin'ireo 22 eto Madagasikara<sup>7</sup>, satria ny 37 hatramin'ny 41 isan-jato ihany no vehivavy.

Tetsy an-daniny, ny tsy fahampian'ny fandraisana anjaran'ny vehivavy teo amin'ny tontolo politika Malagasy dia hita taratra tamin'ny tsy fahitana afa-tsy vehivavy roa monja tamin'ireo kandida niisa 33 nifaninana tamin'ny fifidianana Filoham-pirenena<sup>8</sup>.

***Fiaraha-monim-pirenena sy fanaraha-maso ny fifidianana ataon'ny tera-tany***

Ny fiaraha-monim-pirenena no miantoka fa azo itokisana sy tontosa tao anatin'ny mangarahara ny lamina ho an'ny fifidianana. Mpanara-maso nanodidina ny 5.000 avy amin'ny fikambanana avy ao amin'ny fiaraha-monim-pirenena malagasy niisa 33 no nahazo alalana hanara-maso ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana Filoham-pirenena. Na izany aza dia tsikaritra fa mbola marefo ny fifandraisan'izy ireo amin'ny mpanao politika sasany.

Ankoatra izay dia nomen'ny CENI-T alalana koa ny kandida na antoko politika tsirairay hanana solontena roa hanara-maso isaky ny BV<sup>9</sup>. Ny andron'ny latsa-bato dia maro ireo kandida sy antoko politika no nampiasa izany zo izany.

---

Herivelona Andrianainarivelo (14%), Radavidson Benjamin Andriamparany sy Willy Sylvain Rabetsaroana (8%), Roland Iarovana Ratsiraka ary Jean Louis Richard Robinson (6%).

<sup>7</sup> Menabe, Atsimo Andrefana, Ihorombe, Melaky, Bongolav ary Betsiboka.

<sup>8</sup> Brigitte Ihantanirina Rabemanantsoa, filoha sady kandida avy amin'ny fikambanana Ampela Manao Politika (AMP) sy Saraha Georget Rabeharisoa, mpanorina sady kandida avy amin'ny Antoko Maitso.

<sup>9</sup> Baiko lah. 2178 tamin'ny 3 Oktobra 2013 avy tamin'ny CENI-T.





Vondrona Eoropeana  
Iraka misahana ny fanaraha-maso ny fifidianana  
Madagasikara 2013



---

***Andron'ny latsa-bato***

---

Tao anatin'ny BV miisa 530 narahinay maso, dia miisa 53 ireo nanatrehanay ny fanombohan'ny latsa-bato. Tamin'ny ankapobeny dia tsapa fa voahaja ny ora fisokafan'ny birao fandatsaham-bato. Tao avokoa ireo mpikambana ao amin'ny BV sy ireo fitaovana tena niankinan'ny latsa-bato. Na teo aza ireo olana nitranga teny ho eny, dia tsy nanakana ny fizotran'ny latsa-bato tsy ho araka ny tokony ho izy izany.

Manamarika ny MOE UE fa nisy solontenan'ny kandida sy ny antoko politika tany amin'ny 97 isan-jaton'ireo BV nandehany. Manana andraikitra misongadina mantsy ireto farany amin'ny fiantohana ny fangaraharana sy ny fahadiovan'ny latsa-bato. Tetsy an-daniny, izy ireo ihany koa dia nanamora ny fahazoana ireo lamina arahina amin'ny latsa-bato, indrindra ny fampiasana ilay bileta tokana, saingy tsy niezaka ny hamily ny safidin'ny mpifidy.

Tsikaritry ny MOE UE fa ny vehivavy nisolo tena antoko politika ka nanara-maso ny fifidianana dia nandrafitra ny 43 isan-jaton'ireo solontena niisa 1.800 tany amin'ireo BV niisa 530 nandehany.

Tsikaritry ny MOE UE ny fisian'ny mpitandro filaminana tany amin'ny BV niisa 6 tamin'ireo BV niisa 530 novangiany. Tsy noheverina fa mety nanelingelina ny safidy malalaka nataon'ny mpifidy anefa ny fisian'izy ireo teny amin'ireny toerana ireny.

Na dia nahitana fahasamihafana be ihany aza ny fampiharana ireo lamina arahana momba ny fanisambato, dia tsy nahitana lesoka goavana loatra ity dingana iray ity.

Tany amin'ny 73 isan-jaton'ny BV novangiana no hita fa notakiana hatrany ny kara-panondro. Ny fahitana ny anarana tao amin'ny lisi-pifidianana kosa dia efa ampy raha ny tany amin'ny BV hafa.

*Fikirakirana ny vokatra*

Mbola arahin'ny MOE UE maso hatrany ny famadihana ho ao anaty solosaina sy ny fikirakirana ny vokatra eny anivon'ny Sampana misahana ny fanisambato isaky ny Distrika ary ny fampitana izany any amin'ny CENI-T.